## Ny Valosoa sy hadihady

### Ao anatin'ny fiatrehana ny fety

# Mihàtra eto amin'ny firenena ny fahoriana, ny fahantrana ary ny areti-mandoza

Eo am-panomanana ny fety faran'ny taona ny gasy, ka somebiseby izay tsy izy, ary toa samy miezaka manadino ny fahoriana sy ny fahantrana ary ny areti-mandoza izay loza mihàtra eto amin'ny Firenena avokoa. Fotoana fialan-tsasatra ho an'ny mpianatra ihany koa nanomboka omaly alatsinainy, ka raha mandeha eny an-tsena dia mifampitaritarika ny ray aman-dreny sy ny ankizy mijerijery izay kiraro sy fitafiana mety ho azon'ny vola kely eo ampelatanana. Toa eny an-tsena avokoa ny olona fa tsy misy intsony any an-trano any. Mason-tsokina ka izay kely ananana no ahiratra. Ny manahirana anefa dia mitombo andro aman'alina ny tratry ny aretina covid-19 raha ny tarehi-marika navoakan'ny manam-pahefana, ka efa aman'arivony no misy soritr'aretina, an-jatony no maty, ka tsy ao amin'ny faritra telo navoaka tamin'ny fomba ofisialy ny alarobia lasa teo no voakasika fa efa saika efa manerana ny Nosy mihitsy. Araka izany dia tokony ho efa manafatra vaksiny ny mpitondra fa tsy miantehitra amin'ny firenena avy any ivelany manome maimaim-poana. Tokony hamporisika ny vahoaka Malagasy ihany koa hanao vaksiny satria hatramin'izao dia vao iray isan-jato mahery kely fotsiny no vita. Ny ataon'ny mpitondra dia manao dokam-barotry ny "CVO plus" izay midika tsy fitsinjovana ny vahoaka, fa manao laharam-pamehana ny bizina. Na izany na tsy izany dia noho ny tsy fisian'ny fangaraharana teo amin'ny fitantanana ny vola nomen'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny Tahirimbola Iraisam-pirenena dia takian'izy ireo ny tatitra momba ny fandaniana izany. Ny Fikambanana Iraisam-pirenena misahana ny ankizy aza dia mitaky ny famerenana ny vola nomeny mihitsy. Tsy mbola nahazoana voavao moa ny momba ilay fepotoana, ny 16 desambra 2021, nomen'ny Banky Iraisam-pirenena, ary miandry ny faran'ny volana desambra izao kosa ny Tahirimbola Iraisam-pirenena. Henatra lehibe ho an'ny Firenena ireo tranga ireo ka inoana fa tsy ho sahy hamoaka amin'ny fomba ofisialy ny momba ireo ny fitondrana. Na eo koa aza ny fahoriana sy fahantrana mianjady amin'ny roambisivifolo isan-jaton'ny vahoaka Malagasy dia mbola enjehin'ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo ihany ireo mpivarotra amorondàlana izay mba mitady vola entina miatrika ny fety. Isan-taona dia misy foana ny tsena faran'ny taona eto an-drenivohitra saingy tsy nisy izany amin'ity taona ity. Tsy manaiky lembenana ny mpivarotra ka tsy laitra akisoka satria ireo mpiasa tsy mandray karama any amin'ny toeram-piasana isan-tokony any aza efa tsy fidiny. Manamafy ny fitakiany ihany koa ny sendikan'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra, ka ho hafanafana sahady ny toe-draharaha amin'io taona vao mitsidika io. Izay no eo amin'ny sehatra sosialy fa eo amin'ny sehatra politika kosa dia efa iaraha-mahalala ny didim-pitsarana navoakan'ny tribonaly momba ilay raharaha malaza Apollo 21. Raha ny didy navoaka dia manalasala toa vozon'akoho ihany satria samy voasaringotra tamin'ity raharaha ity avokoa ireo voapanga ary matoa voapanga dia nisy nifandraisany tao ka, angamba, ny mpanao famotorana dia efa afaka nanavaka ny andraikitry ny tsirairay ka tsy nisy voapanga ho mpiray tsikombakomba ireo afaka. Ilay teratany frantsay voarohirohy koa dia mahavariana ihany satria inona no tombony mety ho azony raha nahomby ny fikasana sa nanantena ho toa ilay nanongana ny filohan'i Comores fahiny. Eo amin'ny sehatra politika ihany dia manahiran-tsaina ny politisiana ny sakantsakana ataon'ny mpitondra amin'ny mpanohitra, indrindra amin'ny filoha Ravalomanana Marc. Tena hita fa matahotra ity filoha ity mihitsy Rajoelina Andry kanefa tokony ho ao an-tsaina mandrakariva fa tsy mahasakana ny fironan'ny vahoaka ho an-dRavalomanana Marc izany. Sahiran-tsaina mafy izao fitondrana izao satria maneno sahona avokoa izay alehany rehetra ary tsy misy taterany izay fampanantenana nomeny rehetra ary ny hany mba ataony dia mandoko volondôranjy ny fotodrafitrasa efa vitan'ny mpitondra teo aloha. Tsy afaka nandoko ny seranam-piaramanidina eny Ivato Rajoelina Andry dia tsy nipoitra teny tamin'ny fitokanana izany. Ny zava-doza ho an'izao fitondrana izao dia efa mena avokoa ny tondro refy, eo amin'ny sehatra rehetra, ka mety hipoaka amin'ny fotoana tsy hampoizina ny maotera mampihodina azy ireo.

*Andry Tsiavalona*

Vaovao mampalahelo

# Nodimandry ny mpanao politika Rajivason Théodore

Anisan'ny vaovao mampalahelo nitranga omaly teto amin'ny firenena, nodimandry ny mpanao politika Rajivason Jean Théodore. Efa ministry ny asam-panjakana sy ny asa ary ny lalàna sosialy izy tamin'ny fotoan'androny, efa mpikambana tao amin'ny CST, na ny Filankevitra Ambony momba ny Tetezamita. Teo amin'ny sehatry ny politika, mpikambana tao amin'ny antoko MFM izy tany aloha, efa tao amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), nanangana ny antokony Matsilo, izay niara-dia tamin'ny fitondrana Rajoelina izy, tamin'ny fanonganam-panjakana tamin'ny taona 2009. Mpampianatra mpikaroka koa Ratompokolahy, mpampianatra ny taranja Malagasy teny amin'ny Oniversiten'Antananarivo. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fionona feno ho an'ny fianakaviany.

*Stefa*



*Ranjivason Jean Théodore fahavelony.*

FIAINAM-PIRENENA

# Tsy azo ianteherana ny fitsarana Malagasy

Anisan'ny manahirana eo amin'ny asa fanaovan-gazety ny mitsikera ny fitsarana, satria iaraha-mahalala fa misy ilay antsoina amin'ny teny frantsay hoe ''outrage à un magistrat'' izay tsy misy iadiankevitra fa tonga dia mampigadra avy hatrany raha vao voapaingotra amin'ny resaka ''outrage'', kanefa tsy voafaritra marina ny tena dikan'ilay hoe ''outrage'', izay mazava fa manompa no hevitry ny hoe ''outrage'', ka ny tena mahavaka ny saina, raha vao mamoaka hevitra momba ny fitsarana dia sanganehana, satria tsy maintsy ny mpitsara no mamoaka ny didy rehetra eny amin'ny fitsarana, matetika anefa dia toa marina mampisalasala sy azo iadiankevitra no avoakan'ny mpitsara, indraindray aza dia tena mahasakodiavatra mihitsy, satria tena hita be izao fa mifanipaka amin'ilay heverina ho tena marina no mivoaka, kanefa ny mpanao gazety dia tsy tokony hamoaka afa tsy ny marina ary ny marina ihany.

Hifarana afaka 10 andro ny taona 2021 nahitana trangam-pitsarana izay azo lazaina hoe sadasada manantsoratra ihany, toy ny nampidirana amponja ireo tonga teny Analakely tamin'ny volana Febroary satria nitafy akanjomena, toy izany koa ny raharaha nitazonana an'i Berija Ravelomanantsoa sy Rolly Mercia, izay hita taratra ihany, fa fitsarana manana endrika toa politika, kanefa sarotra ihany ny milaza izany sao misy mamadika hoe manao ''outrage à un magistrat'', ny fitsarana an'i Mbola Rajaonah hatramin'izao tsy misy resaka afa tsy fanemorana lava, ary ny mikasika ilay volamena 73,5 Kg tratra tatsy Afrika Atsimo, tsy hita izay tohiny, satria ny volamena tsy tafody, torak'izany koa ireo teratany malagasy telo mirahalahy, tsy fantatra intsony hoe iza no dondrona ? arak'ilay nambaran'Ingahy Seg niongana. Ny nalaza farany izao dia ilay '' Raharaha Apollo 21 '' izay nambara fa fikasandratsy hifofo ny ain'Ingahy Filoha, nivoaka ny didy tamin'ny Zoma teo ka olona efatra sisa no voatana, ny iray manamboninahitra teratany malagasy mizaka ny zompirenena frantsay sy ny vadiny sy ilay manamboninahitra iray izay tena frantsay, miampy an'ilay mpiasan' ny banky foibe sisa, ny ankoatran'izy efatra ireo dia efa mitsotsotra any an-tranony avokoa.

Fikasana hifofo ny ain' Ingahy filoha no fototry ny fiampangana, Ingahy Rafanoharana Paul ilay voatana raha nanazava teo anoloan'ny fitsarana dia ny ho Praiminisitra hisolo an' Ingahy Ntsay Christian no mahamendy azy sy hamafa ireo heveriny ho tsiparifary manodidina an'Ingahy Filoha, fa tsy ny hamono olona, matoa tokoa aloha votsotra avokoa ireo miaramila malagasy,manamboninahitra sy manamboninahitra lefitra, sns… dia tsy mitombina ilay resaka fikasana hifofo aina, kanefa koa tokony nilaza mazava ny fitsarana hoe afaka tamin' ny resaka fikasana fifofoana aina ireo voampanga, saingy notazonina satria nikasa haka fahefana, fa ny mampieritreritra ny mbola nitazonana azy roalahy samy manamboninahitra mizaka ny zompirenena frantsay, dia maro ireo alaimpanahy hisaina hoe sao dia tafiditra amin' ilay resaka famonoana ary Lafrantsa, raha izay no marina dia ho sasa-poana ny fitsarana malagasy satria hihàtra ny ''extradition'' dia any Frantsa no hanefa ny saziny izy roalahy, miaraka amin'ny vadin'ny iray, ka ilay mpiasan'ny banky foibe sisa no hihahaka eto an-tanàna.

Miala sasatra ny fitsarana malagasy, fiandrasandraharaha sisa no misy, amin' ny 17 Janoary 2022 no hisokatra ny taompitsarana 2022, ny azo ambara aloha raha ny tamin'ity taona ity dia tsy voahaja ilay soratra mivandravandra eny amin'ny Lapan'ny Fitsarana manao hoe : '' Ity Lapa ity dia natao hikarohana ny fahamarinana sy ho fialofan'ny malemy ary ho andrin'ny firenena'', saingy indrisy fa tsy izany no mitranga, fa toa miantehitra amin'ny andry boboka ihany raha miantehitra amin' ny fitsarana indraindray.

*Ny Valosoa*

TONONKALO

## Tsy miery intsony ny mpamitaka

Tsy indroa na hoe intelo f`efa mihoatry ny impolo
No niteniteny foana ilay zalahy mpanao bontolo,
Saingy dia mitehaka azy hatrany hatrany ireo sanàna,
Toy ny te hiteny foana hoe "`tohizo ny hadalana" !


Tsisy zavatra manjary izay rehetra mba lazainy.
Hatramin`ny kajy tsotra indrindra, mahagaga fa tsy hainy!
Mahalasa saina lalina raha izany no mpitarika.
(Tena mila iverenany ny fianarana asa marika !)

Izy irery no milaza hoe azony volena tsara
Ny be volo izay ambara hoe coton de Tulear !
Asa na sekoly taiza no nianarany an`izany,
Fa dia gaga ny rehetra, maro no mifanontany !

Izy ilay mihevitra azy ho mpampahiratra ny pahina.
Eny, hatramin`ny omby vositra no kasainy hampanarahina!
Koa mihevera rey vahoaka raha dia mbola hofitahiny,
Fa tsy miafina intsony ny mpamitaka raindahiny !

*TSIMIMALO (19-12-21)*

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Ny Antso A.